



Partnership Network International

PNI for Human rights & Sustainable development

FILANKEVITRA MISAHANA NY ZON'OLOMBELONA

**Jeri-todika Fandinihana fahatelo Iraisam-pirenena
na 3^e Examen Périodique Universel (EPU)**

Fivoriana faha-34

(11 Novambra 2019)

MADAGASIKARA

Fanolorana miaraka avy tamin'ny:

PARTERSHIP NETWORK INTERNATIONAL (PNI)

NY TAMBAZOTRA TAFO MIHAAVO

Ary ireo fiaraha-monim-pirenena isany avy toy ny:

**ANJAVA SAKATIA; FIKAMBANAM-BHIVAVY ANDRIN'NY MPANDRARY;
FIKAMBAMBANANA DEVELOPMENT AND ENVIRONMENTAL LAW CENTER (DELC);
FIKAMBAMBANANA MANOHISOA; FIKAMBAMBANANA TSANGANALOE,AUTISME
MADAGASCAR; CONFEDERATION MIKEA; FEDERATION MAHAFALY ANDRIAKE;
FEDERATION MAHAFALY ANTETY; FOKOLONONA ANDRANOMANDEVY; ID-HAYDIA,NY
TANINTSIKA; ORDRE DES JOURNALISTES DE MADAGASCAR OJM), ONG FIANTSO,ONG
RAVINTSARA; PLATEFORME OSCIE; PLATEFORME SOLIDARITE DES INERVENANTS SUR
LE FONCIER (SIF); RESEAU MIHARI; ONG SAHA,SOA IOMBONANA TAFO MIHAAVO
ITASY; SOAMIRAY; TAFO MIHAAVO ATSIANANA TOAMASINA; TRANSPARENCY
INTERNATIONAL INITIATIVE MADAGASCAR; TSARAFARA; UNION MAITSO
ARIVONIMAMO II; UNION VOI SOAMITAMBATRA; VOI TAMIA ANDRANOBE; YOUTH FOR
MADA.**

Antananarivo, faha 14 sy faha 15 Martsa 2019

LISITR'IREO SOLO-TENAN'NY FIARAHA-MONIM-PIRENENA

Fiaraha-midinika sy famolavolana miaraka ho an'ny tatitra EPU MADAGASCAR 2019, niaraha-miombon'antoka tamin'ny

1. PARTNERSHIP NETWORK INTERNATIONAL (PNI) - Genève Suisse ary
2. TAFO MIHAAVO – Madagascar

Ireo tambazotra, Fikambanana ary Fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana sy Vovonana Malagasy:

1. TRANSPARENCY INTERNATIONAL INITIATIVE MADAGASCAR
2. NATURAL JUSTICE
3. ORDRE DES JOURNALISTES DE MADAGASCAR (OJM)
4. PLATEFORME OSCIE
5. PLATEFORME SOLIDARITE DES INTERVENANTS SUR LE FONCIER (SIF)
6. CONFEDERATION MIKEA
7. RESEAU MIHARI
8. UNION MAITSO ARIVONIMAMO II
9. UNION VOI SOAMITAMBATRA
10. FEDERATION MAHAFALY ANDRIAKE
11. FEDERATION MAHAFALY ANTETY

Ireo Fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana (ONG) sy Fikambanana Malagasy

12. ANJAVA SAKATIA
13. ASSOCIATION DES FEMMES ANDRIN'NI MPANDRARY
14. ASSOCIATION DEVELOPEMENT AND ENVIRONNEMENTAL LAW CENTER (DELIC)
15. ASSOCIATION MANOHISOA
16. ASSOCIATION TSANGANALOE
17. AUTISME MADAGASCAR
18. FOKONOLONA ANDRANOMANDEVY
19. HAONASOA
20. ID-HAYDIA
21. JEUNES ACTIFS DU DEVELOPPEMENT DURABLE (JADD)
22. NY TANINTSIKA
23. ONG FIANTSO
24. ONG RAVINTSARA
25. SAHA
26. SOA IOMBONANA TAFO MIHAAVO ITASY
27. SOAMIRAY
28. TAFO MIHAAVO ATSIKANA-TOAMASINA
29. TSARAFARA
30. TSANGANALOE
31. VOI TAMIA ANDRANOBE
32. YOUTH FOR MADA

MPANARA-MASO:

GEF SGP PNUD: Fandaharan'asan'ny Firenena Mikambana misahana ny famatsiam-bola madinika ho an'ny Tontolo Iainana maneran-tany (PMF/FEM na GEF SGP) dia rafitra famatsiam-bola mikendry ireo famahana olana eny ifotony amin'ireo petrakolana ara-tontolo iainana amin'ny ankapobeny. Mitondra ireo fanohanana ara-bola sy ara-teknika ho an'ireo tetikasa tantan'ireo Fokonolona, mitondra fampivoarana amin'ny fitantanana maharitra ireo harena voajanahary ary fiarovana ny tontolo iainana. Miasa eo anivon'ireo Firenena 126 ary nanomboka ny taona 2007 teto Madagasikara.

HO FIAROVANA IREO FOKONOLONA ENY IFOTONY MITANTANA HARENA VOAJANAHARY

Ho Fiarovana ireo Zony ahafahany miaina araka ny tokony ho izy ary ho fampandrososana maharitra sy iarahana eto Madagasikara

FAMPIDIRANA

1. Ny PARTERSHIP NETWORK INTERNATIONAL (PNI), sy ny TAMBAZOTRA TAFO MIHAAVO Ary ireo fiaraha-monim-pirenena isany avy toy ny: ANJAVA SAKATIA; FIKAMBANAM-BHIVAVY ANDRIN'NY MPANDRARY; FIKAMBAMBANANA DEVELOPMENT AND ENVIRONMENTAL LAW CENTER (DELIC); FIKAMBAMBANANA MANOHISOA; FIKAMBAMBANANA TSANGANALOE, AUTISME MADAGASCAR; CONFEDERATION MIKEA; FEDERATION MAHAFALY ANDRIAKE; FEDERATION MAHAFALY ANTETY; FOKOLONONA ANDRANOMANDEVY; ID-HAYDIA, NY TANINTSIKA; ORDRE DES JOURNALISTES DE MADAGASCAR OJM), ONG FIANTSO, ONG RAVINTSARA; PLATEFORME OSCIE; PLATEFORME SOLIDARITE DES INERVENANTS SUR LE FONCIER (SIF); RESEAU MIHARI; ONG SAHA, SOA IOMBONANA TAFO MIHAAVO ITASY; SOAMIRAY; TAFO MIHAAVO ATSIANANA TOAMASINA; TRANSPARENCY INTERNATIONAL INITIATIVE MADAGASCAR; TSARAFARA; UNION MAITSO ARIVONIMAMO II; UNION VOI SOAMITAMBATRA; VOI TAMIA ANDRANOBE; YOUTH FOR MADA.

Dia manolotra ireo zava-nodihina miaraka ka noraisina an-tsoratra ireo zavatra mahakasika an'ny Madagasikara, ho fiaraha-mientana nataon'ireo Asam-bondrona amin'ny Jeri-todika Fandinihana Fahatelo Iraisam-pirenena na 3^e Examen Périodique Universel (EPU) ary hatolotra amin'ny Fivoriana faha-34 izay hatao ny faha-11 Novambra 2019.

2. Ny PARTERSHIP NETWORK INTERNATIONAL (PNI), dia Fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana manana ny foibeny ao Genève Suisse. Niforona tamin'ny taona 2014 ary manana ny tanjona fampivoarana ireo Zon'Olombelona ary ho fampandrosoana maharitra amin'ny alalan'ny fanamafisana ireo fahaiza-manao, ny fiahiana ireo tetikasa ary ireo adi-sisika iraisam-pirenena mba hampitaina eo anivon'ireo Fikambanamben'ny Firenena Mikambana (ONU) ireo zava-manahirana izay avy amin'ireo vondron'olona marefo.

3. Ny **TAFO MIHAAVO** dia tambazotran'ny Fokonolona Mitantana Harena Voajanahary eto Madagasikara izay manana mpikambana 532 avy amin'ireo faritra 22 eto Madagasikara ary miisa 1 250 000 eo ho eo ireo olona mikambana ao aminy avy amin'ireo Fokonolona eny ifotony Malagasy.

Niforona tamin'ny taona 2012, TAFO MIHAAVO dia nanao fanambarana fahavononana sy tolo-kevitra tao Anjà na "Fanambarana tao Anjà". Fikambanam-pokonolona eny ifotony ary mitantana ireo harena voajanahary. Ahitana ireo fikambanana sy vondrom-pikambanana na ireo rafitra mitantana harena voajanahary eny ifotony, napetraka eto Madagasikara. Misy ireo tetikady napetrany hisahanana ireo lohahevitra maro toy ny: Tontolo iainana, ny lalàna anisan'izany ny "Dina" sy fisitrahana ny tany, ireo tontolo an-dranomasina, ny fifampitondrana sy fitantanana ireo harena voajanahary sy ny fanajariana ny tany, ady amin'ny fiovan'ny toetr'andro, ireo tambazotra, ny kolotsaina ary ny fampandrosoana ara-piaraha-monina sy ara-toe-karena.

Ny tambazotra dia manana tanjona fanamafisana ny Zo sy Andraikitra ho an'ireo Fokonolona eny ifotony ary mitantana sy mandray fanapahan-kevitra momba ny harena voajanahary.

4. ANJAVA SAKATIA: Fikambanana Malagasy manana tanjona ho fiarovana ny tontolo an-dranomasina ary fikajiana ireo harena voajanahary ao amin'ny nosy Sakatia.

5. FIKAMABANAM- BEHIVAVY ANDRIN'NY MPANDRARY: Fikambanana niforona ny taona 2010 ho fampivoarana ny asa-tànana Malagasy.

6. FIKAMABANAM DEVELOPMENT AND ENVIRONMENTAL LAW (DELC) : Fikambanana Malagasy niforona ny taona 1996 ary manana tanjona ho fampivoarana ny lalàna misahana ny Tontolo iainana ho fampandrosoana maharitra.

7. FIKAMABANAM MANOHISOA: Fikambanana mpianatra eny amin'ny anjerimanontolo izay misehatra amin'ny Zon'Olombelona sy ny ho fampandrosoana maharitra. Manana tanjona mahakasika ny fanamafisana fahaiza-manao ny Fokonolona ary ho fampivoarana ny tontolo ambanivohitra sy ny fanodinana ny fako.

8. FIKAMABANAM TSANGANALOEKE: Fikambanana Malagasy mijoro tamin'ny 8 Aprily 2000 ary misehatra any amin'ny faritra atsimon'ny Nosy, miaro ireo harena voajanahary sy ireo zahavoahary eny ifotony ary koa miady amin'ny fiovan'ny toetr'andro.

9. AUTISME MADAGASCAR: Fikambanana miaro sy mampivoatra ny Zon'ireo manana fahasembana (indrindra ireo ankizy) ary koa ireo fianakaviany.

10. CONFEDERATION MIKEA: Miisa 53 ny vondrona fikambanana ao aminy ary misehatra eny avaratrin'ny Faritra Atsimo Andrefana. Ireo saha'asa iandraiketany dia :Ny Tontolo iainana,ny Dina ary ny fisitrahana ny Tany, ny tontolo an-dranomasina, ny fifampitondrana sy fitantanana ny harena voajanahary sy fanajariana ny tany, ady amin'ny fiovan'ny toetr'andro,ireo tambazotra,kolotsaina ary ny fampandrosoana ara-piaraha-monina sy ara-toe-karena.

Misehatra amin'ny fiarovana ny fitompoana ny tany mba ahafahan'ireo tantsaha misitraka marina misitraka izany Zo izany.Ireo tarigetrandy dia voafintina amin'ny fanohanana araka ny lalàna mahakasika ny fananan-tany ho an'ny mponina Malagasy ary indrindra ho an'ireo marefo, fanentanana ireo mponina sy ireo fikambanana eny ifotony mikasika ny lalànan'ny fananan-tany.

11. FEDERATION MAHAFALY ANDRIAKE: Fikambanana'ireo Fokonolona eny ifotony mitantana harena voajanahary eny amin'ny morontsiraka atsimon'ny Nosy.

12. FEDERATION MAHAFALY ANTETY: Fikambanana'ireo Fokonolona eny ifotony mitantana harena voajanahary any amin'ny Atsimon'ny Faritra Atsimo Andrefana.

13. FOKOLONONA ANDRANOMANDEVY: Fokonolona miaro ny tontolo iainana ho fampivoarana ny lalàna ara-drazana araka ireo fomba amam-panao Malagasy, mitoetra any amin'ny Distrika Ambanja, faritra DIANA.

14. ID HAYDA: Fikambanana niforona ny taona 2019 ary manana tanjona manampy sy manohana ireo sahan'asa mahakasika ny fanabeazana ho olom-pirenena tompon'andraikitra mba ahafahan'ny Fokonolona ahazaka tena eo amin'ny tontolo iainana sy hai-voahary, ara-piaraha-monina sy ara-toe-karena ary ara-kolo-tsaina.

15. JEUNES ACTIFS DU DEVELOPPEMENT DURABLE JADD) Madagascar: Fikambanana tanora, voasoratra amin'ny maha-Fikambanana izay misehatra amin'ny fampandrosoana maharitra amin'ny alalan'ny hai-taky ary ireo sahan'asa mivaingana tanterahana eny ifotony sy fanamafisana fahaiza-manao ary fandraisana andraikitry ny olom-pirenena.

16. HAONASOA: Niforona ny taona 2002, fikambanana misehatra ho fampivoarana ny fifampitondrana eny ifotony ho an'ny Fokonolona eny ifotony any amin'ny Faritra Matsiatra Ambony.

17. NATURAL JUSTICE: Fikambanana tsy miankina amin'ny governemanta miasa eo amin'ny fifandraisana eo amin'ny zon'olombelona sy ny lalàna momba ny tontolo iainana, indrindra any amin'ny firenena Afrikana. Ny fikambanana dia efa niasa teto Madagasikara hatramin'ny taona 2015. Manohana ny governemanta izy ary indrindra indrindra ireo vondrom-piarahamonina ao an-toerana sy ireo mpiaramiombon'antoka aminy mba hanamafy ny zon'ireo vondrom-piarahamonina ao an-toerana amin'ny fizotran'ny fanapahan-kevitra amin'ny sehatra rehetra mifandraika amin'ny fitantanana ny tontolo iainana.

18. NY TANINTSIKA: Fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana niforona tamin'ny taona 2002 misehatra amin'ny fampandrosoana eny aminy tontolo ambanivohitra.

19. ORDRE DES JOURNALISTES DE MADAGASCAR (OJM): Nitsangana tamin'ny taona 1974 ary mampivondrona ireo mpanao gazety matihanina. Ny OJM dia mitandro ny soatoavina ary ny lalàna mifehy ny asa fanaovan-gazety. Mitandro sy miaro ny asa fanaovan-gazety ary ny fanamafisana fahaizama-nao. Miisa 1 000 eo ho eo ireo mpikambana ao aminy ary ankatoavina ho rafitra maneran-tany ary tantanin'ny Filankevitrin'ny Holafitra.

20. ONG FIANTSO: Niforona ny taona 2005 ary rafitra misehatra amin'ny Zon'Olombelona sy tontolo iainana. Mpikambana amin'ny SIF, Voahary Gasy ary ny Hetsika ROHY izay misehatra amin'ny tontolo iainana.

21. ONG RAVINTSARA: Niforona atamin'ny taona 2003 ary fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana izy misehatra amin'ny fitantanana harena voajanahary sy fifampitondrana orldarovan'ny Fokonolona (APAC) ary mpikambana mavitrika ao amin'ny TAFO MIHAAVO sy ny Hetsika ROHY.

22. PLATEFORME OSCIE: Vovonan'ny fiaraha-monim-pirenena misahana ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany, niforona tamin'ny taona 2016 ary misy mpikambana 12 izay ahitana an'ireto: TAFO MIHAAVO, Transparency International - Initiative Madagascar, SIF, SAF/FJKM, Blue Ventures, TARATRA, DURREL, CRAAD-OI, KMF/CNOE ary ROHY. Ny vina ho an'ny OSCIE dia ny fitantanana mangarahara ny sehatra fitrandrahana harena an-kibon'ny tany eto Madagasikara.

23. PLATEFORME SOLIDARITE DES INTERVENANTS SUR LE FONCIER (SIF): Vovonan'ny fiaraha-monim-pirenena misehatra amin'ny fananan-tany ary misy vondrom-pikambanan'ny Fokonolona sy rafitra 20 eny ifotony, fikambanana sy fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana no mikambana ao aminy.

24. RESEAU MIHARI: Tambazotra mampitambatra ireo Fokonolona mitantana fari-dranomasina arovana eny ifotony na "Locally Manage Marine Areas" (LMMA) eto Madagasikara. Ny fiaraha-monim-pirenena dia mampiakatra ireo feon'ny mpanjono ho amin'ny sehatrin'ny firenena, aty amin'ireo firenena manodidina ary ho amin'ny iraisam-pirenena. Mampifandray ireo mpanjono sy ireo fahombiazana amin'ireo fifampitondrana sy fahombiazana mahakasika ny Jono ary ny hai-taky mifandray aminy. MIHARI dia manampy sy tohanan'ireo rafitra toy ny World Fund (WWF), Wildlife Conservation Society (WCS),....

25. TAFO MIHAAVO: Ny fikambanan'ny faritra 22 eto Madagasikara, natsangana tamin'ny volana Mey 2012, dia mampiseho olona manodidina ny 1 250 000. Ny sehatra stratejika misy azy io dia ny tontolo iainana, ny rariny, anisan'izany ny "Dina" sy ny zo hanana tany, faritra amorontsiraka, fitantanana sy fitantanana ny harena voajanahary sy ny planeta isam-paritra, ny ady amin'ny fiovan'ny toetrandro, ny ny tambajotra, ny kolontsaina, ny fandrosoana ara sosialy.

26. ONG SAHA: Fikambanana ivondronan'ireo teknisiana marolafy izay misehatra amin'ny fampandrosoana anisan'izany ny fifampitondrana ifotony.

27. SOA IOMBONANA TAFO MIHAAVO Itasy: Mpikambana ao amin'ny TAFO MIHAAVO, fikambanana mitantana sy miaro harena voajanahary indrindra ny Ala Tapia ao amin'ny Faritra Itasy.

28. SOAMIRAY: Fikambanam-behivavy niforona tamin'ny taona 2008 ho fampivoarana ny asa-tàna Malagasy.

29. TAFO MIHAAVO ATSIANANA TOAMASINA: Mpikambana ao amin'ny TAFO MIHAAVO ary fikambanana mitantana harena voajanahary ao amin'ny Ala Atsinanan'ny Madagasikara.

30. TRANSPARENCY INTERNATIONAL Initiative Madagascar: Rafitra mahaleotena an'ny Transparency International niforona tamin'ny taona 2000 ary misehatra amin'ny fampivoarana ireo fototra faha-malinana, tamberin'andraikitra sy fangaraharana eo anivon'ireo sehatra maro amin'ny fiaraha-monina. Izy no solo-tenan'ny Transparency International eto Madagasikara ary izy no rafitra mitarika avy amin'ny fiaraha-monim-pirenena miady amin'ny Kolikoly.

31. TSARAFARA: Niforona tamin'ny taona 2001, mavitrika amin'ny fitantanana harena voajanahary ao amin'ny Alan'ny Tsiacompaniry, faritra Analamanga. Miaro ireo Zon'ireo Fokonolona amin'ny sehatra samihafa indrindra ireo: fanampiana ara-piaraha-monina, fanentanana ireo Fokonolona, fanamboarana sekoly, fiarovana ireo toerana misy ireo vakoka ary fanabeazana ara-tontolo iainana.

32. TSANGANLOKE: Fikambanan'ny faritra Malagasy novolavola tamin'ny 8 aprily 2000. Miasa any atsimon'i Madagasikara izy ary miaro ny harena voajanahary sy ny tontolo iainana ambanivohitra any ambanivohitra ary mifantoka amin'ny lohahevitra ny fiovan'ny toetr'andro.

33. UNION MAITSO ARIVONIMAMO II: Vondrom-pikambanan'ireo Fokonolona miaro ny Ala Tapia ao amin'ny Faritra Itasy ary ireo harena voajanahary misy ao aminy. Ny vondrona dia mampivoatra ireo sahan'asa mifandray amin'ny fandrariana ny landy.

34. UNION VOI SOAMITAMBATRA: Vondrom-pikambanan'ireo Fokonolona miisa 10 ary ny tanjona dia ny fanatsarana ireo sahan'asa mifandraika amin'ny Jono an-dranomamy ary fiarovana harena voajanahary azo havaozina ao amin'ny Faritra Menabe.

35. VOI TAMIA ANDRANOBE: Fikambanana eny ifotonymiaro ireo Zon'ny mponina miisa 10 000 ao Andranobe, manana farihy sy Ala ao Ambohitsokina, faritra Vakinankaratra.

36. YOUTH FOR MADA: Fikambanan'ny tanora Malagasy noforonin'ireo tanora ho an'ny ireo tanora eto Madagasikara arak any anarany. Fanomezana tohana, fampihetsehana ary fampivondronana ireo tanora misehatra eny ifotony ho fanatanterahana ireo sahan'asa sy tetikasa fampandrosoana maharitra amin'ireo faritra maro eto Madagasikara. Tohanan'ny TAFO MIHAAVO mba hiasa miaraka amin'ireo Fokonolona izay marefo vokatrin'ny fiovan'ny toetr'andro.

37. Amin'ny fiatrehana ny Jeri-todika Fandinihana Dingana Fahatelo ho an'ny Madagasikara izay tanterahina ny volana Novambra 2019 izao, ny vondron'ny fiaraha-monim-pirenena dia manolotra tatitra iray izay mifototra amin'ny fampifanarahana eo amin'ireo tanjon'ny fiarovana ireo harena voajanahary sy ny fampandrosoana maharitra atao eny ifotony eto Madagasikara.

Ity tatitra ity dia nalaina avy amin' ireo antontan-kevitra maro samihafa, indrindra fa avy amin'ireo rafitra izay mpisehatra eny an-kianja.

38. Ny tatitra dia mampiseho ireo olana sy petrak'olana izay sedrain'ireo mpisehatra amin'ireo vondron'ny fiaraha-monim-pirenena ireo nandritra ny fanatanterahana ny asany ho fiarovana sy fampivoarana ny Zon'Olombelona eto Madagasikara.

Ny tatitra dia manoritra ireo fifanoherana misy eo amin'ireo rafitra izay apetraka ary ny fitantanana eny ifotony dia tandindonin'ny faharefoana ho an'ireo izay manatanteraka izany.

Hita fa maro ireo lesoka mitranga eo am-panatanterahana miandalana ireo Zo ho an'ny fampandrosoana maharitra eo amin'ny lafin'ny fiainana indrindra fa ireo fitaovana ho fitantanana sy ho fampiharana ny fifampitondrana tsara tantana sy ho an'ireo harena voajanahary.

Tsindrina manokana izany ho an'ireo Fokonolona eny ifotony izay miatrika izany olana ho an'ny fitantanana ireo harena voajanahary eto Madagasikara izany.

Ireo olana sy fifandirana mifandraika amin'ireo harena voajanahary dia mitombo sy miha-mafy hatrany. Raha toa ka tsy voavaha na tsy misy vaha-olana ireny dia mitarika fahapotohana mihitsy ho an'ny fianan'ireo Fokonolona sy ny tontolo iainana ary fitsaharan'ireo lahasa sy tetikasa ary hitarika fifanoherana sy fifandonana mafy mihitsy.

Ny fanohizana ny fiarovana ny Zo ho an'ny fiainana ho an'ny fampandrosoana maharitra, iarahamantanteraka eto Madagasikara dia mitaky ny fomba hamaritana ny Zo miaro avy amin'ny lalàna ary ny fanohan'ireo Fokonolona eny ifotony indrindra fa ny fampiharana izany amin'ny fitantanana harena voajanahary.

TOE-JAVA-MISY

39. Raha ny eto Madagasikara,^{1 2}ny telo ampaha-efatrin'ny mponina miisa 25 tapitrisa dia miaina ao anatin'ny fahatrana ara-toe-karena. Ny fahantrana lalina dia mampisaina ary efa nisy ireo toro-lalana neken'ny Fitondrana tamin'ny EPU ny taona 2014. Nisy ireo ezaka efa nataony mba hanatsarana ny lafiny ara-tsakafo sy ny fampandrosoana maharitra sy niaraha-nanatanteraka mba hanatsarana ny lafiny ara-toe-karena hampihenana ny fahantrana eo anivon'ny mponina izay efa tena mihoam-pampana.³

Fitantanana ireo harena voajanahary Malagasy:

40. Ho an'ny eto Madagasikara, ny Fitondrana dia nanondro tena ho tompon'ny harena voajanahary, ireo harena an-kibon'ny tany, harena an-dranomasina ary ny tany,...

41. Ireo otri-karena ara-voajanahary, ilain'ny olombelona ary tena ilaina ahafahan'ireo mponina miaina. Saiky ny 75% ny mponina eto Madagasikara sy ireo Fokonolona dia miaina ary miankina amin'ny harena voajanahary, mitrandraka tsy ara-drariny izany. Ny fiatraikan'ny fahantrana dia mamaritra ho 1, 90 \$ isan'andro ary mbola hidina 75 ka hatramin'ny 73% ho amin'ny taona 2018 sy 2020.⁴⁵

42. Fitsinjaram-pahefana. Ny politika hitantanana ny harena voajanahary eto Madagasikara dia nanana ny Drafitr'Asan'ny Tontolo Iainana na "Plan d'Action Environnemental" mikendry ny hampihenana ny

1

² <http://webtv.un.org/search/clustered-id-sr-on-sustainable-environment-and-on-right-to-food-17th-meeting-37th-regular-session-human-rights-council/5744971238001/?term=environment&sort=date#player>

³ <https://matv.mg/malnutrition-banque-alimentaire-disponible-a-madagascar-en-janvier-2019/>

⁴ EPU 2014 A/HRC/WG.6/20/MDG/3 35. Ireo mpanoratra nanao ny fanambarana niaraka tamin'ny teboka faha 3 dia nanambara fa nohon'ny fahantrana no mahatonga ireo mpiasa mifindra monina any ivelany. Eo amin'ny mponina 4 amin'ny 5 na 76% dia miaina ao amin'ny fahantrana lalina. Nitombo 12% io taha io 4 taona lasa ary mbola hitombo hatrany araka ny tatitra nataon'ny Banky Iraisam-pirenena. Miha-mafy hatrany ireo fepetra ahafahana miaina. Ireo izay tena mahantra dia ireo mponina eny amin'ny tontolo ambanivohitra. Ankoatra izany, ny volana May taona 2013, nisy ireo firongatrin'ny valala tokony ho 500 lavitrisa nanafika faritra 15 amin'ny 22kafo ary nanimba fambolena maro (vary, bozaka firaovan'ny biby, katsaka, fary) nampihena ny sakafo sy ny fidiram-bola.

Ireo Toro-lalana EPU taona 2014 mahakasika ny fahantrana lalina eto Madagasikara

108.121 Hamafisina ireo ezaka rehetra hametrahana tetikadim-pirenena iadiana amin'ny fahantrana (Afrika Atsimo);

108.122 Tohizana ireo ezaka iadiana amin'ny fahantrana 5 Repoblika Mitambatra (Tanzanie);

108.123 Fanohizana ireo ad amin'ny fahantrana ary fankatoavana ireo politika ho fiarovana ireo olo-marefo sy fanohizana ny fiaraha-miasa ara-toe-karena eo amin'ireo firenena mila izany (Venezuela, Repoblikan'ny bolivarienne);

108.124 Atao ireo ezaka rehetra hiadiana amin'ny fahantrana (Angola);

108.125 Tohizana ireo ezaka hiadiana amin'ny fahantrana (Cuba);

108.126 Hiadiana ny faharefoana amin'ny asa sy ny fahantrana (Djibouti);

108.54 Tohizana ireo ezaka hampihenana ny tahan'ny tsy fananan'asa, fongorina ny fahantrana ary omena lanja ny fiarovana sy fampivoarana ireo Zo ara-toe-karena, ara-piraraha-monina sy ara-kolo-tsaina (Chine);

⁵ <https://www.banquemondiale.org> Note de conjoncture économique à Madagascar, 31 Juillet 2018, Press release

fanimbana izany ka nahatonga ny fametrahana ny lalàna antsoina hoe “GELOSE” mba ahafahana mamindra ny fitantanana sy fiarovana ireo harena voajanahary manodidina ireo faritra arovana na ho famokarana.

NY LALANA GELOSE

43. Madagasikara no firenena teto Afrika voalohany nametraka lalàna eo amin’ny sehatra fiarovana ny Tontolo iainana mba ahafahana miaro ny haivoary. Ny Fitondrana, nahafantatra tsara ny fahapotehan’ny tontolo iainana teto Madagasikara dia nametraka ny lalàna N°096-025 na GELOSE. Io lalàna io dia mamaritra ny famindram-pitantanana ho an’ny Fokonolona na koa VOI mivelona manodidina ireny harena voajanahary ireny.

Ny lalàna GELOSE dia fitaovana hifanarahana. Mitaky ny fanangana fikambanana manaraka ny lalàna velona. Ireo mpikambana ao aminy dia entin’ny hafanam-po hiandraikitra sy hiaro ary hanome lanja ireo harena voajanahary misy ao aminy araka izay voalazan’ny lalàna.

I. IIREO VONDRON’OLONA ANTSOINA HOE “FOKONOLONA”: FITANTANANA ARA-DRAFITRA ENY IFOTONY

41. Ireo vondron’olona eny ifotony *Fokonolona*

Novinavinaina miisa ho 25 570 895 ny mponina teto Madagasikara ny taona 2017⁶ satria ireo mponina ao aminy dia voasoratra ao anatin’ny fokontany misy azy avy izany hoe isan’ireo Fokonolona daholo ka, na mponina any amin’ny faritra lavitra indrindra eny ambanivohitra izany na mponina ao an-drenivohitra ao Antananarivo, mponina andrenivohitra izany.

Ny Fokonolona dia vondron’olona miara mipetraka ao amin’ny faritra ifampivelomana iray antsoina hoe “Fokontany ».

Ny Fokonolona amin’ny maha-izy azy hatramin’izay dia ireo vondron’olona miara-miaina ao amin’ny faritra ifampivelomana iray, nisy rohim-pihavanana ary misolo tenan’ireo mponina ao an-toerana.

Ohatra , ny renivohitra Antananarivo dia misy mponina tokony ho 2,61 tapitrisa⁷ izay mitsinjara Fokonolona mipetraka amin’ny Fokontany 192 ary Nosy Be dia manana mponina 111 123 ao anatin’ny Fokontany 42.

42: Sehatry ny lalàna

- **Sava-ranon’andon’ny Lalàm-panorenana:** “Miaiky fa ny Fokonolona mipetraka ao amin’ny Fokontany no mandrafitra ny fiainana, sehatra mampivoatra, fifanankalozana sy fiaraha-midinika eo amin’ny mpiara-belona”
- **Araka ny andininy faha 152 ao amin’ny Lalàm-panorenan’ny Repoblika faha IV, taona 2010:** Ny Fokonolona mipetraka ao amin’ny fokontany eny anivon’ny Kaominina no fototrin’ny fampandrosoana sy firaisankina ara-kolotsaina sy ara-tontolo iainana.

Ireo tompon’andraikitrin’ny fokontany dia mandray anjara amin’ny famolavolana ireo sahan’asam-pampandrosoana ho an’ireo Kaominina misy azy.

⁶ Antontan’isa navoakan’ny Banky Iraisam-pirenena : <http://donnees.banquemondiale.org/pays/madagascar>

⁷ <https://mg.one.un.org/content/unct/statistique> de 2015

- **Ireo didim-panjakana laharana 73-009, 73-010 ary ny 73-040** mifanandrify amin'ny andraikitry ny Fokonolona dia milaza fa izy no miandraikitra ny fifampitondrana sy fitantanana harena voajanahary misy ao aminy.
- **Didim-pitondrana laharana 2002-1170** tamin'ny 7 Oktobra 2002 dia mamaritra ireo fitsipipi-pandaminana, amin'ny fandraharahana sy ny andraikitry ny fokontany ary ny Fokonolona ary mamaritra ny fokontany ho fototra mamaritra ny rafitra eny ifotony.

Ireo Fokonolona dia mametra ireo fomba hitantanana sy ny drafi-panajarian'ny faritra ifampivelomana misy azy avy. Izy ireo no mandray an-tànana, miaraka amin'ireo tompon'andraikitra mahefa ireo saha'asa fitantanana ny tontolo iainana, ny fanjarian-tsakafo sy fanatsarana ny fiainana amin'ny ankapobeny. Amin'ny endrika isehoany ankehitriny ary eo anoloan'ny tsy fisian'ny rafitra mikajy ny aina, ny Fokonolona dia mamorona sehatra ho fahafahana miahy ny tsirairay (tsirairay sy Fokonolona) izay ankatoavin'ny Fitondrana.

- Lalàm-panjakana N° 2014-018 ny 12 Septambra 2014: mamaritra ny fahefana, ireo fomba fandaminana sy fampandehanan-draharahan'ireo Vondrom-bahoaka Itsinajram-Pahefana ary, ireo fitantanana ireo raharaha manokana ao aminy.
- Ny fanambaran'ny Mantaso : nivoatra avy amin'ny TAFO MIHAAVO no nanome famaritana ny *Fokonolona*.

46. Ny rafitra *Fokonolona* dia mifototra amin'ny soa toavina: Fitovian'ny olom-pirenena eo amin'ny fanajana ny “aina” sy ny “fahfaha-miaina”. Ny Fokonolona dia mitandro ny fanajana ireo fitsipika ara-piaraha-monina. Amin'ny fiaraha-monina Malagasy, ny Fokonolona amin'ny maha-rafitra azy dia tsy azo ihodivirana.

47. Ireo *Dina*,”*dia fifanaraham-piaraha-monina izay noheverina fa fitsipika ara-drazana ho amin'ny fandaminana ny fiaraha-monina, novolavolaina avy amin'ny fanekena sy nahim-pon'ny mponina ao aminy*”.

Savaranonandon'ny Lalàna 2001-04 tamin'ny faha 25 Oktobra 2001 mamaritra amin'ny ankapobeny ireo *Dina* mahakasika ny fandriampahalemana.

Ny *Dina* dia mamankery avy hatrany ny fampiharana azy rehefa nahazo fankatoavana avy amin'ny *Fitsarana*.

Ny fifandraisan'ireo Fokonolona mitantana harena voajanahary dia voafehin'ny *Dina*. Ny lalàna 96-025 tamin'ny 30 Septambra 1996 dia mamaritra ny fitantanana ireo harena voajanahary azo havaozina (Lalàna GELOSE)⁸. Ny *Dina* dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny lalàna sy didim-pitondrana manankery izay mivoaka avy amin'ny lalàna.⁹

II. IREO VONDRON'OLONA ANTSOINA HOE “FOKONOLONA”:

⁸ Andininy 49 : Ireo *Dina* dia ankatoavin'ny Fokonolona araka ny rafitry ny fiaraha-monina misy azy avy. Raha misy tranga roa na maromaro eo anivon'ny Fokonolona mahakasika ny fitantanana harena voajanahary, ny *Dina* mihatra amin'ny Fokonolona dia ankatoavin'ny vondron'ny Fokonolona tsirairay araka ny fomba fiainany avy.

Andininy 50. Ireo *Dina* dia tsy afaka manohintohina ny tombotsoan'ny mponina sy ny filaminam-bahoaka. Ireo andininy ao aminy dia tsy maintsy mifanitsy ary mankatoa ny lalam-panorenana sy ireo didy amam-dalàna manan-kery sy mihatra ary ireo fomba amam-panao ary ankatoavina ao amin'ny Kaominina misy azy

⁹ Amin'ny tranga rehetra, ny vono-*Dina* dia mihatra ao amin'ny faritra ampiharana azy izany dia vokatry ny tsy fanarahana izany fitsipika izany

NY FOKONOLONA SY NY FAMIMDRAM-PITANTANANA HARANA VOAJANAHARY

48. Ny Fitondrana dia mankatoa ny Fokonolona ireo andraikiny amin'ny fitondrana ny raharaham-panjakana ary manome Zo amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra hampivoarana sy fiarovana ny harena voajanahary.

- Ireo didi-panjakana 73-009 tamin'ny 19 Martsa 1973 sy ny 73-010 ny 24 Martsa 1973 (73-009, 73-010 ary ny 73-040) misahana ireo andraikitry ny Fokonolona milaza fa ireto farany no miandraikitra ny fifampitondrana sy fitantanana ireo harena voajanahary misy eny ifotony misy azy ireny.
- Fametrahana sata mahakasika ny tany ny taona 2005 amin'ny alalan'ny lalàna 2005-019 (Andininy faha 33) manaiky ny fisitrahana ny tany amin'ny fotoana maharitra: ny taona 1911, ny lalàna izay mampirisika ny fananan-tany (fisitrahana ny tany).
- Taratasy mahakasika ny politikan'ny fananan-tany ny taona 2015: fankatoavana ny fisitrahana ny tanim-pokonolona nefa tsy mbola misy ny lalàna mivoaka mikasika izany, ny sori-dalana 1 : fisitrahana ireo Zo amin'ny lafiny maro samihafa; sori-dalana 2 : hamafisina ireo toerana tantanim-pokonolona.

49. Ireo sehatrin'ny lalàna mahakasika ny Jono¹⁰, ireo harena an-kibon'ny tany, ny fitantanana ireo Faritra Arovana, ny tontolo iainana, ny Ala, ny fiarovana ny haivoary, ny fandoto aterak'ireo orin'asa, ireo fako, ny fananan-tany, ... dia tsy miaro tanteraka ireo Fokonolona ary indraindray toa mifanohitra ny fampiharana azy.

III. IREO VONDRON'OLONA ANTSOINA HOE "FOKONOLONA": NY FANDRAISANA ANDRAIKITRA SY FAHVONONANA MIARAKA

50. Ireo mpisehatra amin'ny fifampitondrana sy fitantanana ireo harena voajanahary eto Madagasikara, ny Fokonolona dia mandray anjara ho amin'ny fampaharetana ny fifampitondrana sy fitantanana harena voajanahary. Izany fandraisana andraikitra izany no mahatonga ny Fokonolona ho mpanelanelana azy amin'ny Fitondrana sy ny mponina eny ifotony ary koa ny fizohina sy fanaraha-maso ireo famindram-pitantanana sy fampitana ireo vaovao amin'ny Fitondrana.

51. Ao amin'ny toe-java-misy ny fahantrana izay efa mihoampampana, ny fitantanana ataon'ny Fokonolona dia tena manampy betsaka amin'ny fanatsarana ny tontolo iainana amin'ny alalan'ny fampihenana sy fandranganana miverimberina, ny fanaraha-maso ireo fitrandrahana tsy ara-dalàna, ny doro-tanety ary ny fahasimban'ny sahandriaka ao anatiny sy ivelan'ny faritra arovana, ireo fiarovana ny rano sy ny akoran-driaka, ny famerenana ary ny voly ala. Ireo vokatra izay aterakin'ny ala.

52. Ny fitantanana'ny Fokonolona dia tena nampandroso ary azo tsapain-tanana tamin'ny fanatsarana ny fanjarian-tsakafo, ny fidiavana, ny fanabeazana ary ny fandriam-pahalemanan'ny tsirairay....Ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny Fokonolona hitantana sy hanara-maso ireo harena voajanahary dia manampy ny fitombon'ny vola miditra amin'ny ankohonana.

53. Ireo fiantraikan'ny fiovan'ny toetr'andro eto Madagasikara:¹¹

¹⁰ Ohatra amin'ny sehatry ny Jono, ny lalàna dia tsy miantoka ny Zo ho an'ireo mpanjono madinika

¹¹ <https://www.bbc.com/afrique/37833518> *Climat : l'ONU appelle à aider Madagascar, Rapporteur Spécial Environnement John Knox*

<http://www.rfi.fr/afrique/20170701-madagascar-enjeux-climatiques-menu-conference-organisee-ue>

http://www.lakroa.mg/item-341_articles_societe_11.html

- Fihenan'ny taha sy ny hatsaran'ny vokatra¹²¹³
- Fihenan'ireo tany azo volena (amin'ny velarany)
- Faharitan'ny loharano
- Firongatrin'ny aretina
- Fialana an-daharana an-tsekoly
- Tsy fanjarian-tsakafo
- Fikorontanan'ny diarim-pambolena
- ...

Ny Fokonolona dia afa-miatrika ny fiovan'ny toetr'andro amin'ny fampiasana ireo fahaiza-manao hiatrehana izany ary ny fampiasana ireo angovo azo havaozina (Fanamafisana izany fahaiza-manao anany izany, zezika ara-boajanahary...)

54. Ny Fokonolona dia fantatra fa mpiantsehatra mahomby amin'ny fitantanana harena voajanahary ary andrin'ny fampandrosoana maharitra sy fiaraha-mitantana. Maro ireo Fokonolona efa nahazo ireo fankasitrahana eran-tany ohatry ny Equator Prize 2002,2008,2010,2012,2015,2017 ary ireo fankasitrahana azon'ireo Fokonolona Malagasy¹⁴ avy amin'ny Initiative Climate Change 2016.

55. Ny TAFO MIHAAVO: Mba ahafanany mitondra ny fanatsarana amin'ny fandraisany anjara, ireo solo-tenan'ireo Fokonolona 532 mitantanana harena voajanahary avy amin'ireo Faritra 22 eto Madagasikara dia nitambatra ho tambazotra ary nanao fanambarana fahavononana sy tolo-kevitra aa amin'ny **“Fanambarana tao Anjà”** ny taona 2012.

Ny tambazotra dia nampivoatra sy namolavola vina, paikady sy drafitr'asa hatramin'ny taona 2050 ho an'ny fifampitondrana sy fitantanana maharitra harena voajanahary (FFMHV) izay manambara ny maha-izy azy ary ny andraikiny eo anivon'ny mponina eny ifotony.

Ireo asa efa notanterahana ho fampivoarana ny lalàna ny fananan-tany ho an'ny Fokonolona:

- Famerenana ny fametrahana ny lalàna mifehy ny Fokonolona,
- Saritany mandrafitra ny faritra ifampivelomana,
- Fanaovana ny fitsirihana sy fitsinjaraireo fananan-tany efa misy ahafantarana ny sata mifehy azy (fankatoavana ny lalàna ho an'ny Fokonolona amin'ny maha-olom-pirenena azy mba ahafahany misitraka ny fananana).
- Fanadihadiana mitamberina ny Fokonolona (araka ny fotoana sy ny habaka).
- Famolavolana ireo tolo-dalàna ho an'ny Fokonolona ary ny fitandroana ny maha-samihafa azy. Ny mpanao lalàna dia manana firehana ny hanatontoloana izany.
- Fanaovana fanadihadiana mahakasika ireo loharanon-karena misy.
- Fanaovana adi-sisika.
- Fampihetsehana sy fampiroboroana ireo laharanon-karena/fiaraha-miombon'antoka.

Ny famindram-pitantanana ireo harena voajanahary ho an'ireo Fokonolona eny ifotony dia tokony tsy hijanona fotsiny amin'ny lafiny andraikitra/fitantanana fotsiny fa kosa halavaina hatrany amin'ny fifampitondrana miaraka izany hoe mankany amin'ny fandrafetana drafitr'asa/fanjariana ary fandraisana fanapahan-kevitra iarahana sy amin'ny fampiasana ara-drariny sy fitrandrahana maharitra ireo loharanon-karena.

¹² <https://www.bbc.com/afrique/37833518> Climat : l'ONU appelle à aider Madagascar, Rapporteur Spécial Environnement John Knox

¹³ Clustered ID: SR on Sustainable Environment and on Right to Food - 17th Meeting, 37th Regular Session Human Rights Council - 5 Mar 2018, Intervention orale Madagascar, Ms. Eulalie Yvette Bodosoa - <http://webtv.un.org/search/clustered-id-sr-on-sustainable-environment-and-on-right-to-food-17th-meeting-37th-regular-session-human-rights-council/5744971238001/?term=environment&sort=date#player>

¹⁴ <https://www.equatorinitiative.org>

III. IREO VONDRON'OLONA ANTSOINA HOE "FOKONOLONA": VOATANDINDONA

56. Manahiran-tsaina ny fiaraha-monim-pirenena ankehitriny ny fitotonganan'ny fanajana ny Zon'Olombelona eto Madagasikara ary indrindra ny an'ny Fokonolona eny ifotony.

Miseho amin'ny endriny fivarotana ireo kara-tany ho an'ireo orinasa na an'olon-tsotra, na an'ny Fanjakana sy fangalana ireo tany efa niainan'ireo razam-be amin'ny fampiasana Tafika sy fitaovana, fanivazimbana sy fanapotehana ireo kolotsaina sy ireo harena toy ny omby¹⁵-halatra omby¹⁶, fanomezana fahazoana mitrandraka tsy misy fankatoavana avy amin'ny Fokonolona tompon'ny tany, ... ary izany dia misy faneriterena atao amin'ny Fokonolona.¹⁷

57. Ireo mpiasam-panjakana sy ireo solo-tenanan'ireo orinasa tsy miankina no voatondro fa mpanao izany. Ireo faneriterena dia tsy mitsahatra ny mitombo ary miha-betsaka ireo tany hamidy amin'ireo mpanam-bola avy any ivelany isan'andro ka mampanahy.

58. Ireo fitrandrahana harena an-kibon'ny tany sy ala indrindra ny Jono, ny fambolena, ny fiompiana, ny fizahan-tany, ... dia mody atao entina ho "fampandrosoana ara-toe-karena" hanimbana ny Zo fototrin'ny mponina Malagasy ary miteraka fahalotoana, fahapotehan'ny tontolo iainana sy ireo kolotsaina ary fihenana ny vola miditra isan-tokantrano, ... ary hatrany amin'ny fahafatesana mihitsy aza amin'ny sehatra sasany.¹⁸

Ny ankamaroan'ireo fitrandrahana harena voajanahary ireo dia azo tsy ara-drariny satria tsy misy fankasitranan'ireo Zo ananana, ara-politika, ara-toe-karena sy ara-piaraha-monina sy ara-kolotsaina an'ireo Fokonolona eny ifotony, ireo mpamboly madinika, ireo vehivavy sy tanora amin'ireo mponina Malagasy izay manankina ny fiainana amin'ireo harena voajanahary ireo.

59. Ny fiaraha-monim-pirenena dia maneho etoana ireo tsy fanajana ny Zon'Olombelona sy ireo lalàna iraisam-pirenena eto Madagasikara. Maro ireo fitarainana voaray mahakasika izany tsy fanajana ny Zon'Olombelona izany. Ireo fitarainana dia mikasika ireo fandringanana ireo harena voajanahary an'ny Fokonolona, ireo fangalana an-keriny, fandorana tana iray manontolo, fangalana an-keriny ireo Fokonolona eo amin'ny taniny ary tsy misy ny fangalana ny heviny, ireo kolikoly et fanodinkodinana, ary ny mampahalemy ireo rafitra misy, ny fifampitondrana.¹⁹

60. Sahiran-tsaina amin'ireo izay mampita fanairana sy vavolombelona amin'ny fitorohana sy fitarainana izay lasa toa lasibatin'ny fanerena avy amin'ny Fanjakana sy ireo mpisehatra eny ifotony tsy miankina²⁰. Ny firafitrin'ny Fitsarana dia toa ampiasaina hanenjehana sy hampitahorana ireo mpiaro ny Zon'Olombelona sy an'ireo mpanao gazety indrindra fa ireo izay miasa amin'ireo sehatra mifandraika amin'ny tontolo iainana sy ny kolikoly ary koa ny famerana ny fahafahana maneho hevitra. "Maro ireo olona any an-tranomaizina na dia tsy voalaza fa nanao heloka aza satria ny Fitondrana dia manampatra fahefana sy tsy voaporofa izany fitanana vonjimaika izany."²¹

¹⁵<https://www.amnesty.org/fr/latest/news/2019/02/madagascar-gruesome-killing-of-suspected-cattle-thieves-must-be-investigated/>

<http://www.madagate.org/madagascar-informations-politiques/a-la-une/6057-madagascar-john-knox-q-la-corruption-sape-tous-les-efforts-de-conservation-de-lenvironnementq.html>- Rapporteur spécial des Nations Unies, M. John H. Knox-Madagascar

¹⁶ <https://www.amnesty.org/fr/latest/news/2019/02/madagascar-gruesome-killing-of-suspected-cattle-thieves-must-be-investigated/>

¹⁷ <http://www.madagate.org/madagascar-informations-politiques/a-la-une/6057-madagascar-john-knox-q-la-corruption-sape-tous-les-efforts-de-conservation-de-lenvironnementq.html>

¹⁸ <http://www.europarl.europa.eu/sides/getDoc.do?pubRef=-//EP//NONSGML+TA+P8-TA-2017-0445+0+DOC+PDF+V0//FR>

¹⁹ Maro ireo tranga voalaza nandritra ny fihaonana

²⁰ <https://www.amnesty.org/fr/latest/news/2018/11/madagascar-next-government-must-end-human-rights-violations/>

²¹ <https://www.amnesty.org/fr/latest/news/2019/01/madagascar-next-president-must-tackle-historic-rights-violations/>

61. Ny fiaraha-monim-pirenena dia maniry ary misintona saina ho an'ireo Filan-kevitrin'ny Zon'Olombelona amin'ny antony fandaminana amin'ny fanaraha-maso izay natao nandritra ity atrikasa ity izay nokarakarain'ny Partnership Network International (PNI) teto Antananarivo ny 10 sy 11 Septambra 2018. Ity hetsika ity dia tohin'ny fangalana an-keriny natao tamin'ny Fokonolona tamin'ny volana Septambra 2018, tao amin'ny nosy Sakatia (Nosy Be). Niaraha-nanatanteraka ary novatsian'ny Partnership Network International (PNI), ny fiaraha-monim-pirenena Malagasy TAFO MIHHAVO, RAVINTSARA, SIF ary koa ny GEF SGP UNDP Madagascar, ny Federal Ministry for the Environment, nature conservation and nuclear safety based on decision on German Bundestag ary ny ICCA Consortium niaraka tamin'ny Ministeran'ny Tontolo iainana Malagasy izy nitarika ny fanoratana amin'ny "Fiantsoana maika ho an'ny fankatoavana ireo Zon'ny Fokonolona", nosoratana ary nosoniavin'ireo solotena 15 mihoatra an'ireo Fokonolona filamatra ary navoaka tamin'ny gazety izany.

62. *Ary ny farany, fanajanonana avy hatrany ireo herisetra miverimberina amin'ny tsy fanajana ny Zon'Olombelona eto Madagasikara indrindra ny fangalana an-keriny ireo otri-karena an'ireo Fokonolona, ho fitohizan'ny fifampitondran'ny Fokonolona mba aharitra hatrany ary ho an'ny mponina Malagasy indrindra fa ireo marefo.*

Ary ny fangalana an-keriny ny taniny sy ireo harena voajanahary, ny fahapotehan'ny tontolo iainana dia mahatonga ny Firenena ho tandindonin-doza amin'ny fahamafisan'ny tsy fandriampahalemana, fiakaran'ny fiakinan-doha vokatrin'ny tsy fanjarian-tsakafo sy ny fanilihana... ary koa ny mety ho fahaverezan'ireo mpamboly, mpiompy, mpanjono, mpanao asa-tànana, mpivarotra, ... ary ireo tena marefo ohatran'ireo vehivavy, ankizy, tanora ary ireo mpifindra monina...

63. NOHO IREO ANTONY VOALAZA IREO, IZAHAY FIARAHA-FIARAHA-MOMIM-PIRENENA DIA MANOME TOLO-KEVITRA MANARAKA TOY IZAO MANARAKA IZAO:

63.1 *Fandrindrana sy fampiharana ireo voalazan'ny lalàna mahakasika ny fitantanana ireo harena voajanahary izay tantan'ireo Fokonolona eny ifotony ary ny fanatsarana na/sy fanitsiana atao amin'ireo lalàna mifehy ny sehatra izay efa misy mba hanatsarana ny fahafaha-misitrika ny tany, ireo fananana, ireo otri-karena izay fantatra fa marefo izay an'ny mpiara-belona eto Madagasikara*

63.2 *Fankatoavana ny maha-masi-mandidy ireo Fokonolona araka izay voalazan'ny savaranonandon'ny Lalàm-panorenana sy ny andininy 152 ary ireo faritra ifampivelomany dia ho voasoratra amin'ny anarany ara-dàlana.*

63.3 *Fiantohana ny fandrarina hasina ara-teknika, ara-piaraha-monina ireo Fokonolona ary ny fanamafisana ny fahaiza-manaony amin'ny alalan'ny fanomezana azy ireo akora sy fitaovana ilainy ho fampivoarana sy fametrahana ny fitondrana tsara tantana ho fanatsarana ny fitantanany ireo harena voajanahary.*

63.4 *Hamafisina izay efa misy, volavolaina ary ankatoavina ireo lalàna mametraka ireo fombafomba arahina mahomby amin'ny lafiny fiarovana ho an'ireo mpanome fanairana sy ireo vavolombelona mahita fandikan-dalàna ary harovana ireo Zo rehetra mikasika ny Zon'Olombelona mahakasika ny Fokonolona.*

63.5 *Hizingizininina eo anivon'ireo sehatra miasa eto Madagasikara ny foto-kevitra manaja ny fankatoavana mialoha, malalaka, mazava ary atao ami-nahim-po ataon'ny Fokonolona mba hifanandrify amin'ny foto-kevitra mitarika napetrakin'ny Firenena Mikambana mifandraika amin'ny orin'asa sy ny Zon'Olombelona.*

